Malagasy Protestant Church in France
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 ,rue de Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél: 01 45 96 03 05

Athis-Fanantenana

Siège Paroissial : Centre Paroissial 10, Rue Etienne Lebeau
Lieu de Culte : Église Saint-Denis , 8 Place de l'Église 91200 ATHIS-MONS
Tél : 01.69.38.53.26 & 06.52.53.22.56 & 06.41.84.95.81

---

# « … *Ary Kristy Jesoa no fehizoro indrindra ; ao Aminy no irafetan'ny rafitra rehetra, mitombo tsara ho tempoly masina ao amin'ny Tompo*»

**(Efesiana 2 :20b-21)**

**TALATA 12 AVRIL 2022**

**HERINANDRO MASINA**

**Mitarika sy mitoriteny : Ny Mpitandrina RAZAFIMAHATRATRA Marcellin Ismaël**

---

**Zava-maneno (mitsangana ny Fiangonana)**

**Mpitarika:** Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.
**Fiangonana:** Amen

**FIARAHABANA APOSTOLIKA**

**FIHAONANA SY FANKALAZANA AN'ANDRIAMANITRA (mitsangana)**

**Salamo Fiderana**

**Mpitarika :** ***Hiara-mankalaza sy hidera an'Andriamanitra isika amin'ny famakiantsika ny Salamo***

**Fiangonana: «1Tompo ô, henoy ny vavaka ataoko ary aoka hankeo Aminao ny fitarainako. 2Aza manafina ny tavanao amiko amin'ny andro fahoriako; atongilano amiko ny sofinao amin'ny andro itarainako; faingàna hamaly ahy. 3Fa levon-ko setroka ny androko ary mahamay tahaka ny forohana sisa tsy may ny taolako. 4Voakapa tahaka ny ahitra ny foko ka malazo, fa hadinoko na dia ny mihinan-kanina aza. 5Noho ny fisentoan'ny foko dia miraikitra amin'ny hoditro ny taolako. 6Tahaka ny sama any an-tany efitra aho ary tahaka ny vorondolo any an-tanàna haolo. 7Tsy mahita tory aho sady tahaka ny voronkely manirery eo amin'ny tafon-trano. 8Mandatsa ahy mandritra ny andro ny fahavaloko; izay misafoaka amiko dia manao ahy ho fiozonana. 9Fa lavenona no nohaniko tahaka ny mofo; ny zavatra nosotroiko dia noharoharoako ny ranomasoko, 10noho ny fahaviniranao sy ny fahatezeranao; fa naingainao aho kanefa natontanao indray. 11Ny androko dia tahaka ny aloka efa mandroso ary efa malazo tahaka ny ahitra aho .» (Salamo 102 :1-11)**

**Hira 617 :1,3**

**VAVAKA FANATONANA SY FIDERANA**

**Feon-java maneno fohy.**

**FAMAKIANA NY SORATRA MASINA**

**Fiomanana amin'ny Vakiteny sy ny Toriteny**

**Hira 190 :1**
**Mpitarika:** (vavaka hampahazava ny Teny)
**Fiangonana:** Amen
Filazantsara: **Lioka 20 :20-44 (mitsangana ny Fiangonana)**
**Fiangonana: Isaorana anie ny Tompo noho ny Filazantsara ! Amen( hiraina)***

**FANEKEM-PINOANA (mitsangana)**

**Mpitarika:** ***Miaraka amin'ny Fiangonana kristiana rehetra manerana ny tany dia manambara ny finoantsika isika*** **:« araka ny tenin'i Jaona Mpanao Batisa hoe:«*Indro nyZanak'ondrin'Andriamanitra Izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao*» (Jao.1:29) sy araka ny teny nataon'i Andrea hoe: «*Efa nahita ny Mesia izahay*»(Jao.1:41), sy araka ny teny nataon'i Samaritana hoe: «*Ny tenanay no nandre,ka fantatray fa Izy tokoa no Mpamonjy izao tontolo izao*» (Jao.1:42) sy araka ny teny nataon'i Petera hoe:«*Ianao no Kristy Zanak'Andriamanitra velona*»(Mat.16:16),«*Ianao no manana ny tenin'ny***

***fiainana mandrakizay*»(Jao.6:68) ary araka ny teny nataon'iTomasy hoe:«*Tompoko sy Andriamanitro*» (Jao.20:28).Amena »**

**Hira 190 :2 (mitsangana)**

**TORITENY**

**Fitahiana : «**Ho aminareo anie ny Fahasoavan'i Jesoa Kristy Tompo, sy ny Fitiavan'Andriamanitra Ray ary ny Firaisana avy amin'ny Fanahy Masina. Amena**. »**

**Feon'orgue malefaka dia malefaka sy vavaka mangina**

**ANTOKO MPIHIRA (FIDERANA -LOUANGE)**

**FILAZAN-DRAHARAHA FOHY**

**VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA (Prière d'intercession)**

**Hira FF28**

**TSODRANO**

**Mpitarika:** Ho aminareo anie ny Tompo*

**Fiangonana:** Ary ho amin'ny fanahinao*

**Mpitarika:** « Ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'ny fahalalana sy ny fitiavana an'Andriamanitra sy Jesoa Kristy Zanany Tompontsika » (Fil.4 :7).

**Fiangonana:** Amen

**Mpitarika:** Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina Izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, amen.Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo ary torio amin'ny teny sy ny asa ny Filazantsara.

**Fiangonana:** Isaorana anie Andriamanitra.

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.Amen